**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

# LOI n°2008 - 035

## complétant certaines dispositions de la Loi n°94-001 du 26 avril 1995 fixant le nombre, la délimitation, la dénomination et les chefs-lieux des Collectivités territoriales décentralisées

## EXPOSE DES MOTIFS

Si les dispositions de l'article 13 de la Loi n° 94-001 du 26 avril 1995 sont claires en ce qui concerne la modification des limites territoriales d'une Collectivité territoriale décentralisée consistant dans le détachement d'une portion de son territoire pour la rattacher à une autre, le même texte est muet en ce qui concerne

- la fusion de deux ou plusieurs Collectivités territoriales décentralisées;
- l'éclatement d'une Collectivité territoriale décentralisée en deux ou plusieurs Collectivités.

Ainsi, pour pouvoir remédier à ce vide juridique, il y a lieu de compléter certaines dispositions de laLoi n° 94-001 évoquée ci-dessus en y ajoutant un nouvel article.

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

# LOI n°2008 - 035

## complétant certaines dispositions de la Loi n°94-001 du 26 avril 1995 fixant le nombre, la délimitation, la dénomination et les chefs-lieux des Collectivités territoriales décentralisées

Le Sénat et l'Assemblée Nationale ont adopté en leur séance respective en date du 18 décembre 2008, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** - Les dispositions de l'article 13 de la Loi n° 94-001 du 26 avril 1995 fixant le nombre, la délimitation, la dénomination et les chefs-lieux des Collectivités territoriales décentralisées avec amendements sont complétées ainsi qu'il suit :

> ***Article 13 bis : « La fusion de deux ou plusieurs Collectivités territoriales décentralisées est décidée par la loi.***
>
> ***Il en est de même de l'éclatement d'une Collectivité territoriale décentralisée en deux ou plusieurs Collectivités».***

**Article 2** - En raison de l'urgence, et conformément aux dispositions de l'article 4 de l'Ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, la présente loi entre immédiatement en vigueur dès qu'elle aura reçu une publication par émission radiodiffusée et télévisée ou affichage indépendamment de son insertion au *Journal Officiel* de la République.

**Article 3** - La présente Loi sera publiée au *Journal Officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 18 décembre 2008

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE, LE PRESIDENT DU SENAT,

Jacques SYLLA Yvan RANDRIASANDRATRINIONY

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LALANA LAHARANA FAHA-2008 - 035**

**enti-mameno ireo fepetra sasantsasany entin'ny Lalàna laharana faha-94-001 tamin'ny 26 aprily 1995 mametra ny isa, ny famaritana, ny fandaminana, ny fiantsoana ary ny renivohitr'ireo Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana**

## FILAZALAZANA NY ANTONANTONY

Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-13 entin'ny lalàna faha 94-001 tamin'ny
26 aprily 1995 mikasika ny fanovàna ny famaritana ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana izay mamindra ny singan'ny faritra iray mba atolotra ho an'ny faritra hafa dia mazava ; nefa io andian-dalàna io dia tsy nametra :

- ny fanakambanana vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana roa na maromaro ;
- ny fizarazaran'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ho roa na maromaro.

Araka izany, mba afahana manatsara ny lalàna dia nofenoina ireo fepetra sasatsasany voalazan'ny lalàna laharana faha-94-001 tamin'ny 26 aprily 1995 voalaza etsy ambony ka nampiana andalana iray vaovao.

Izany sy izany no antonanton'izao lalàna izao, .izay voninahitra ho anay ny manolotra azy ho lanianareo.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana
***

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-37/08 TAMIN'NY 11 DESAMBRA 2008**
**enti-mameno ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-94-001 tamin'ny 26 aprily 1995**
**mametra ny isa, ny famaritana, ny fandaminana, ny fiantsoana ary ny renivohitr'ireo Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana**

Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no nandany tamin'ny fivorian'izy ireo tamin'ny _______________ sy __________________

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana;
Araka ny fanapahana laharana faha-_______ - HCC/D.3 tamin'ny _________________ noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ;

**no mamoaka hampanankery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy :**

**Andininy voalohany -** Nampiana toy izao manaraka izao ireo fepetra sasantsasany entin'ny andininy faha-13 amin'ny lalàna laharana faha-94-001 tamin'ny 26 aprily 1995 mametra ny isa, ny famaritana, ny fandaminana, ny fiantsoana ary ny renivohitr'ireo Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana.

> ***Andininy faha-13 bis (vaovao) : "Ny lalàna no mametra ny fanakambanana vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana roa na maromaro.***
>
> ***Toa izany koa ny fizarana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ho roa na maromaro.***

**And. 2 -** Noho ny hamehana sy araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-4 amin'ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe soritan'ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenen-tsamihafa amin'ny fifampitondrana ivelan'ny Fanjakana dia manankery avy hatrany izao lalàna izao raha vantany vao nampahafantarina ny besinimaro amin'ny alàlan'ny famoahana azy amin'ny fampielezam-peo sy ny fahitalavitra na peta-drindrina ankoatra ny famoahana azy amin'ny *Gazetim-panjakan*'ny Repoblika.

**And. 3 -** Havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan*'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanankery tao Antananarivo, ny

Avy amin'ny Filohan'ny Repoblika Marc RAVALOMANANA

Hita mba hatovana
amin'ny didim-panjakana laharana faha-2008-1201
tamin'ny 11 desambra 2008

Ny Praiminisitra sady Lehiben'ny Governemanta,

Charles RABEMANANJARA